GAZETY
tohiravina

TERAKA

www.teraka.org - n°15 - Aprily 2026 - MAIMAIMPOANA



REHEFA MANDRAY ANDRAIKITRA NY TANTSAHA DIA VELON'AINA INDRAY NY TANY ARY MANDROSO NY TONTOLO AMBANIVOHITRA

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA :
1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin'ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon'andraikitra isika

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity :

1. **FIVORIANA FAHAEFATRY NY filankevi-pitarihana TERAKA**
2. **TANTSAHA MIISA 2000 NO NIDITRA HO MPIKAMBANA SY TONGA MPIARO NY TONTOLO IAINANA ANY ALAOTRA MANGORO**
3. **ANDRIAMATOA PÉPIN : MPITARIKA MAHAFATRA-PO EO ANIVON'NY FIARAHA-MONINA MISY AZY**

Ry mpikambana sy mpiara-miombon'antoka namana

Mivelatra hatrany ny fandaharanasa TERAKA noho ny fahavononana sy ny fahatsapan-tenan'ny tsirairay ho tomponandraikitra. Ny fivorian'ny filankevi-pitarihana lasa teo izay natao teto Antananarivo dia nampiseho ny fahavononan'ireo mpikambana. Izany dia nahafahana nanamafy ny fangaraharana tamin'ny alalan'ny fanehoana ny fandanian'ny fandaharanasa TERAKA tamin'ireo solontenan'ny tantsaha, nifandinika ny ho fisoloantenan'ireo faritra rehetra iasan'ny fandaharanasa TERAKA ao amin'ny biraon'ny filankevi-pitarihana ary nanatsarana ny fomba fitantanana ny fitarainana TERAKA.

Any amin'ireo faritra iasana dia tsapa izany fahavitrihana izany. Ho an'ny Faritra Alaotra Mangoro dia efa mahatratra mihoatra ny 2 000 ny mpikambana ary mamboly hazo fihinam-boa izy ireo ho fanomanany ny ho aviny.

Ireo mpitarika manolo-tena, tahaka an'i Andriamatoa Pépin, dia maneho izany fihetsika izany amin'ny alalan'ny fandraisany andraikitra sy ny finiavany hizara ny fahalalany amin'ireo mpiara-monina aminy.

Ndao ary hiara-hientana dieny izao mba hanorina ho avy maharitra.

1- FIVORIANA FAHAEFATRA NOTONTOSAIN'NY FILANKEVI-PITARIHANA TERAKA

Ny fivoriana fahefatra nataon'ny filankevi-pitarihana TERAKA dia notanterahina ny 25 martsa 2026 tao amin'ny birao nasionaly TERAKA ao Ambanidia. Nandray anjara tamin'izany ireo solontenan'ny tantsaha avy amin'ny Faritra Itasy ary ireo mpiara-miasa ao amin'ny fandaharanasa TERAKA. Nifantoka tamin'ny lohahevitra manan-danja maro ny dinika, anisan'izany ny fifandimbiasam-pitarihana ao anatin'ny Filan-kevitra, ny tetibola ankapoben'ny TERAKA ho an'ny taona 2025, ny fidiram-bola avy amin'ny Karbaona vinavinaina ho azo, ny fomba fitantanana ny fitarainana TERAKA, ary ny fitadiavana vahaolana momba ny famatsiana voa, indrindra ireo ao anatin'ny lisitra mena.

Ao anatin'ny Filan-kevitra dia misy ny fifandimbiasam-pitarihana mba hahazoana antoka ny fitovian'ny fisoloan-tena isaky ny faritra iasan'ny TERAKA. Noho izany dia asaina ireo Distrika vaovao toa an'ny Distrikan'Arivonimamo na Miarinarivo ho an'ny faritra Itasy, ary ny distrikan'i Manandriana na Ambositra ho an'ny Amoron'i Mania hanolotra izay hisolo tena azy ireo. Ankoatr' izay, ireo faritra vaovao ivelaran'ny fandaharanasa toa an'i Vakinankaratra sy Alaotra Mangoro dia asaina mba hanomana izay ho solontenany ao amin'ny Filan-kevitry ny Mpitarika Nasionaly.

Araky ny soatoavina TERAKA hoe "mangarahara isika", dia naseho tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra ny fandanian'ny fandaharanasa TERAKA ho an'ny taona 2025 sy ny vola avy amin'ny fivarotana Karbaona antenaina ho azon'ny tantsaha.

Marihina fa ny fandaniana rehetra eo anivon'ny fandaharanasa dia voafehy sy arahin'ireo mpanamarina kaonty sy ny manampahaizana manokana momba ny fitantanam-bola eto Madagasikara sy any Frantsa maso, mba hiantohana ny fitantanana mahomby sy hisorohana ny fandaniana tsy ara-drariny.

Nandritra ny fivoriana dia natitraterina fa ny fidiram-bola antenaina ho azon'ny tantsaha dia miankina amin'ny andraikitra iombonan'ny mpikambana, ny kalitaon'ny fandaharanasa, ny tsenan'ny Karbaona iraisam-pirenena ary ny isan'ny hazo volen'ny mpikambana.

Anisan'ny lohahevitra noresahana nandritra ny fivoriana ihany koa ny olana mahakasika ny fahazoana voa sy zanakazo izay sedrain'ny tantsaha indrindra ireo karazan-kazo ao amin'ny lisitra mena. Nanolotra sosonkevitra moa ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra toy ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny fananganana tanin-janakazo mandritra ny fifampizarana eny anivon'ny fivorian'ny Klastera. Ankoatr'izay, nankatoavin'ny filankevitra nandritra ny fivoriana ihany koa ny fomba fitantanana fitarainana TERAKA.

Ho an'ny taona 2026, ny tanjona dia ny hampihenana ny kininina ao amin'ny hazo TERAKA, ary ny hanomezana lanja kokoa ny karazana hazo fihinam-boa sy hazo malagasy. Manohana izany sori-dalana izany ireo mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra, satria miantoka faharetan'ny fandaharanasa izany sady ahazoan'ny mpikambana tombony.

Noho izany, manomboka ny taom-pambolena 2026 – 2027 dia tsy ho voasokajy ho isan'ny hazo TERAKA intsony ny kininina (afaka jerena ao amin'ny gazety nivoaka ny Oktobra 2025 ny anton'izany). Ny kininina izay novolena talohan'ny 2026 kosa dia mbola voaisa ho hazo TERAKA.Mahavelom-bolo ny tatitra nampitain'ireo mpitarika izay maneho ny asa mivaingana ataon'ny tantsaha. Any amin'ny Distrikan'Amparafaravola ohatra dia mpikambana iray no efa manana tanin-janakazo ahitana zanakazo mihoatra ny 1 000. Nambaran'izy ireo ihany koa fa ny fandoavam-bola mialoha dia antoka ho an'ny tantsaha amin'ny fidiram-bola antenaina avy amin'ny Tahiry Karbaona any aoriana.

Afa-po ireo mpitarika satria afaka nampita ny feon'ny tantsaha izy ireo nandritra ny fivoriana. Toraka voninkazo ho azy ireo noho ny fanoloran-tenany sy ny fandraisany andraikitra. Ndao ary hiara-hientana hatrany isika ho an'ny tanindrazana sy ho an'ny taranaka.



Ireo mpikambana ao amin'ny filankevitry ny mpitarika TERAKA

2- TANTSAHA MIHOATRA NY 2000 NO MIARA-MIENTANA AMIN' NY FANARENANA NY TONTOLO IAINANA AO AMIN'NY FARITRA ALAOTRA MANGORO



Vondrona Madinika ao amin'ny Fokontany Ambondrona, Kaominina Amparafaravola, Faritra Alaotra Mangoro

Hatramin'ny taona 2024 no niorina tao amin'ny Faritra Alaotra Mangoro ny fandaharanasa TERAKA, mba hiara-hiara-hientana amin'ireo tantsaha. Nanomboka tamin'ny volana Desambra 2024 izany, tamin'ny alalan'ny fifampidinihana lalina teo amin'ireo manampahefana eny ifotony sy ireo tomponandraikitra TERAKA, izay nanazavana ny vina sy ny tanjon'ny fandaharanasa, ary nangalana hevitra mba hanamora ny fidiran'ny tantsaha ao amin'ny fandaharanasa.

Taorian'ireo fihaonana ireo, dia voafidy fa ny Distrikan'Amparafaravola no hanatanterahana ny fandaharanasa, noho izy manana velaran-tany malalaka, tongan'ny lalana, mahafeno fepetra manoloana ny tetikasa REDD+, ny fahatsapana fa mihamafy hatrany ny fikaohan'ny riaka ny nofon-tany ary indrindra ny fahalalàna fa hitondra fiantraikany tsara eo an-toerana ny fandaharanasa. Nanomboka tamin'ny Septambra 2025, dia nohamafisina ny fidinana ifotony notontosain'ny ekipan'ny fandaharanasa TERAKA mba hanafainganana ny fanitarana ny fandaharanasa. Ankehitriny dia velom-bolo izahay fa efa mihoatra ny 2 000 ny tantsaha niditra ho mpikambana, miparitaka amin'ny kaominina sivy ao amin'ny Distrikan'Amparafaravola.

Tamin'ity taom-pambolena ity, nahavita namboly hazo mihoatra ny 32 000 ireo tantsaha tao amin'ireo kaominina iasana. Ny hazo fihinam-boa toy ny manga, zavoka, voasary, sy ireo karazany hafa no tena maharisika ny rehetra noho izy sady loharanom-bola no sakafo. Ankoatr'izay, mitandrina azy ireny kokoa ny fiaraha-monina ka tsy mananosarotra ny fiarovana azy. Manome fanantenana amin'ny ho avy izany.

Deraina manokana ny Kaominina Ambohitrarivo (indrindra ny Fokontany Beranalahy, Ambohimandroso ary Sahamaloto) sy ny Kaominina Amparafaravola (Fokontany Ambondrona sy Ambohimanjaka), ary ny Kaominina Ambohimandroso noho ny fahavitrihany sy ny finiavany hanome ohatra tsara.

Amporisihinay hatrany ny tsirairay handray anjara mavitrika amin'ny fivorian'ny Klastera, hifanakalo traikefa sy fomba fanao tsara, ary ho lasa mpitarika eo anivon'ny Klastera. Aza misalasala koa manasa olona vaovao hiditra ho anisan'ny fianakaviamben'ny TERAKA.

Isika rehetra miara-mientana no antoky ny fiovana. Alao hery ary.

3- ANDRIAMATOA PEPIN : mpitarika mahafoy tena ho an’ny fiaraha-monina

Izahay dia faly mampahafantatra antsika mpitarika iray vaovao ato amin’ny fianakaviamben’ny TERAKA : Andriamatoa RAFILISON Pépin, fantatra amin’ny anarana hoe ramose Pépin. Mpikambana mavitrika ao amin’ny fandaharanasa TERAKA ary monina ao amin’ny Fokontany Inanantonana (Kaominina Inanantonana, Distrika Betafo, Faritra Vakinankaratra) izy. Ny Vondrona Madinika FANANTENANA no ahitàna azy. Hatramin’ny nidirany ho mpikambana TERAKA tamin’ny Novambra 2025 dia nisongadina tamin’ny fandraisany andraikitra i ramose Pépin ao anatin’ny Klastera misy azy. Lehilahy mavitrika raha Andriamatoa Pépin, anisan’ny mitarika ny Klastera izay tontosaina isaky ny Sabotsy faran’ny volana ao amin’ny Kaominina Inanantonana izy, mandritra izany no amporisihany ny mpikambana hizara traikefa sy hanamafy ny fahaiza-manaony. Tantsaha manana fahaiza-manao maro samihafa Andriamatoa Pépin ka ampiasainy ho tombontsoan’ny fiarahamonina izany. Mandray anjara amin’ny fanaovana vaksiny ny biby fiompy (kisoa, omby, akoho) eo amin’ny fiaraha-monina misy azy izy ary manampy ny mpikambana hafa amin’ny amin’ny fananganana tanin-janakazo, fanamboarana zezika organika, fiompiana akoho ary fambolena akondro. Mahavariana ihany koa ny fandraisany andraikitra amin’ny fiarovana ny tontolo iainana. Hatramin’izao dia efa namboly hazo manodidina ny 150 izy, anisan’izany ny manga, voasary, akasia, andrarezina ary rotra. Amin’izao fotoana izao dia manan-janaka efatra i M. Pépin ary manana tanjona mazava : hanangana ho avy maharitra ho an’ny fianakaviany sy ny fiarahamonina misy azy. Araka ny teniny feno fahatokiana manao hoe: « Ny fambolen-kazo dia tsy mahasoa olona iray ihany, fa ny olona rehetra manodidina, indrindra fa ny taranaka ho avy. » Noho ny fahaiza-mitarika ananany, ny fitiavany mizara ary ny fandraisany andraikitra, Andriamatoa Pépin dia miaina ny soatoavina TERAKA. Ny tarigetrany dia hoe : « ‘miasa dieny izao hiarovana ny tontolo iainana sy hananganana ho avy tsaratsara kokoa ho an’ny taranaka aoriana ». Mirary soa ho azy izahay ato amin’ny fandaharanasa TERAKA mba hahefa be amin’ny fanasoavana ny tontolo iainana.



FOMBA FIKARAKARANA NY HAZO EFA VITA VOLY, FIZARANA IARAHANA AMIN’I MOMPERA JEAN MARCEL, TEKNISIANINA AMIN’NY FAMBOLENA.

Rehefa vita ny fambolenkazo dia tsy mijanona amin'izao satria izay mahakolokolo no manana ny soa. Araka ny toromarika nomena antsika dia mielanelana 2m farafahakeliny ny teknika fambolenkazon'ny TERAKA.

- Ilaina ny mandrantsana ny hazo mba tsy hanaloka ny voly miaraka aminy ho an’ny eny an-tanimboly. Raha anatin'ny tanety malalaka dia mila diovina ny bozaka mandrakotra ny fotony mba hahatsara azy sy hiarovana azy amin'ny afo.
- Marihina eto fa raha zavoka no ambolenao dia mila tapahina ny tendrony rehefa mahatratra 1,5m ny haavony mba hampamoa azy. Ho an'ireo zavoka efa lehibe tsy mety mamoa dia asiana ratra mifandipatra ny vatany mba hitazomana ny ranonkazo tsy hidina mivantana ka hampamoa azy. Afaka andevenana fatimby harafesina sy tany havoka mena mba hanampy ny vy ao aminy.
- Raha mamboly voasary indray ka tsy dia mitombo ilay izy na dia efa antitra aza dia mila rantsanana ary esorina ny rantsana mety maina na marary. Toy izany koa ny paiso na ny voankazo hafa.
- Rehefa hitanao fa mila fahanana zezika izy rehefa mamoa dia fahanana zezika ny fotony. Sokafana amin'ny angady moramora ny manodidina ny fotony na miala kely ny fotony fa tsy lasa ivelan'ny tandrifin'ny raviny ary tsy tapahina ny angady ny faka izay hita fa atao moramora .
- Amin'ny fotoana mampatory ny hazo no anaovana ny fandratsanana (volana jona, jolay, Aogositra). Ny famahanana zezika kosa dia alohan’ny fihavian’ny orana(volana aogositra ohatra) satria rehefa tonga ny orana ny oktobra sy novambra dia maniry ny hazo ary midina ihany koa ny ranonjezika.
- Rakofana bozaka ny fotokazo mba hitana hamandoana ary tondrahana amin'ny andro maina.
- Esorina ireo solofon-kazo mpandany sakafo mba hahatsara ny voa .
- Rarahana fanafody fitsaboana raha misy aretina mba tsy hanimba azy ary tsara raha mampiasa ady gasy.

TERAKA

TETIANDRO FANANGONANA SY FAMAFAZANA VOA : Aprily, May sy Jona

Karazan-kazo	Asa atao	Volana
Zavoka (Persea americana) Dipoavatra mavokely (Mespilus germanica)	Fanangonana ny voa Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Aprily, May
Pibasy (Mespilus germanica)	Fanangonana ny voa	May, Jona
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Jona
Voaroy (Morus sp.)	Fangalàna taho, Famindrana ny taho tao amin'ny kitapon-janakazo	Mandritra ny taona

FAMPAHATSIAHIVANA

FANTSONA FANDRAISANA FITARAINANA MIKASIKA NY FANDAHARANASA TERAKA

Azo alefa mivantana amin'ny mpanampy Klastera ny fitarainana na amin'ireto fomba ireto :

- Paositra :
  Lot 65 A ter F Andranaro,
  Antehiroka, Antananarivo 105
- Laharana finday :
  +261 (0) 34 88 14 236
  +261 (0) 32 03 945 00
  +261 (0) 33 50 854 11
- Mailaka: info@teraka.org

Afaka mandefa fitarainana an-tsoratra ny mpikambana na maneho izany am-bava, na amin'ny alalan'ny antso an-telefaonina na mandritra ny fivorian'ny Klastera.

MPIKAMBANA TERAKA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO (02/04/2026)

Faritra	Totalin'ny mpikambana	Mpikambana efa anaty Vondrona Madinika	Mpikambana efa nahavita sonia ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona	Isan'ny mpikambana efa vita fanisàna hazo	Isan'ny mpikambana efa nandray fandoavam-bola mialoha
Amoron'i Mania	7 476	3 660	925	626	605
Itasy	8 186	3 076	1455	213	186
Vakinankaratra	3 142	869	198	0	0
Alaotra Mangoro	3 833	1 556	0	0	0
TOTALINY	22 080	8 419	2 578	839	791

FANONTANIANA MATETIKA MIPETRAKA
Inona avy ireo fepetra ahafahana manisa ny hazo TERAKA?

Mba ho tafiditra ao anatin'ny fanisana ny hazo TERAKA dia tsy maintsy hajaina ireto fepetra manaraka ireto:

- Tokony ho ao anaty Vondrona Madinika sy mahafantatra tsara ny fandaharanasa ny mpikambana.
- Nahavita sonia ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona ny mpikambana miaraka amin'ny mpikambana hafa ao amin'ny Vondrona Madinika.
- Tokony hamboly hazo 250 isa isan-taona farafahakeliny ny Vondrona Madinika. Amin'ny taona voalohany dia azo leferina ny tsy fahampian'ny isan'ny hazo volena fa amin'ny taona faharoa kosa dia tokony ho tratra ny tanjona. Marihina fa afaka mifameno io isa io amin'ireo mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika.
- Amin'ny tany tsy misy disadisa no ambolena ny hazo
- 2 metatra farafahakeliny ny elanelana misy eo amin'ny hazo

Tsiahivina fa TERAKA dia tsy mikendry velively hividy na haka ny tany na ny hazon'ny tantsaha.

GAZETY tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : RAKOTONIAINA Nambinina, RAJAOBELINA Annie, RAKOTOMALALA Njaka, RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel, AMBININTSOA Rova
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Ny vaovao sy ny fitarainana dia apetraka eny anivon'ny Mpandrindra rezionaly TERAKA na ny Tomponandraikitra ara-piaraha-monina TERAKA :
034 88 142 36, 032 03 945 00, 033 50 854 11